


ALAHADY - faha 14 - TAONA D2022



Hitoetra ao amin'izany trano izany ny Fiadanana lazainareo

Ry Kristianina havana, araky ny averimberintsika matetika ny fotoana litorjika mandavantaona ohatrizao dia fotoana fandalinam-pinoana fa indrindra ao anatin'izao Sinaody faha-7 izay efa hamarana ny dingana voalohany isika izay niarahantsika nanao tamin'ny Eglizy eran-tany. Marina tokoa izao ny fotoana tsara. Katolika aho mandalina ny finoako, Katolika aho mandray antànana ny finoako amin'ny alalan'ny hasim-pinoana sy firosoana ao anatin'ny vaomieran'asa sy fikambanana masina na ny firohotana. Katolika aho ka mankalaza ny finoako amin'ny alalan'ny

litorjia, ka mahatonga ahy ho "TABERNAKLA VELONA" mamafy fiadanana sy fanantenana. Miroso manorina ny Trano Be lombonana izay hita fa tena potika ankehitriny. Miroso miala amin'ny rafi-pahotana fa miroso manorina rafi-pivelomana hahitan'ny rehetra fivelarana ny mahaolona sy olona manontolo

Vakiteny I : Iz. 66, 10-14d
Tononkira : Salamo 65
Vakiteny II : Gal. 6, 14-18
Evanjely : Lk. 10, 1-12. 17-20

Amin'izao Alahady faha-14 mandavantaona izao dia mandalina izany finoana izany isika ka hahatonga antsika ho EOY, Kristy mpiara-belona amin'olona, fahazavana sy fanasina ka hahatonga antsika manorina Eglizy Tranon'Andriamanitra ETA izay hahatonga antsika ho zava-boahary vaovao taorian'ny fankalazana ny Paka sy Pantekôty. Entanin'ny Fanahy masina isika ka ilay Fanahy mpankahery maniraka hahatonga antsika tokoa ho génération mpanorina sy mpamafy fanantenana ary fiadanana. Araky ny tena fanevan'ny sinaody faha-7 hoe : Eglizy Velona, velomin'ny Batemy, miombona miara-dia, mandray an-tanana, irahina ka zary Tabernakla Velona.

Ireo rehetra ireo no hamafisin'ireo vakiteny telo amin'izao Alahady izao, "Matokia mitory ny Evanjely isika vita batemy" satria tsy lavitra antsika Andriamanitra, tsy lavitra antsika I Jesoa, miara-dàlana amintsika izy, Kristy velona manentana ny fiainantsika.

Ireo no zavatra manahirana tsy afaka amin'ny fiainana raha mbola mivelona amin'ity tany ity isika. Tsy maintsy vonona misedra azy ireny isika, na dia eo aza ny fijaliana eo amin'ny fitorian'ny Evanjely. Ireny no manambara fa eo anivontsika Andriamanitra araky ny fampanantenany amin'ny vakiteny voalohany : *"Indro hataoko misononòka eo aminy, ny fiadanana hoatra ny ony, sy ny voninahitry ny firenena, hoatra ny renirano tondraka"; ka ianareo dia hampinoina, hotrotroina, ary hosafosafoina eo ampofoana. Hoatra ny olona alàn-dreniny alahelo, no hanalako alahelo anareo, ka dia ho afaka alahelo ao Jerosalema ianareo. Hahita izany ianareo, ka ho faly ny fonareo, ary hahazo aina indray hoatra ny ahi-maitso ny taolanareo. Hataon'ny tanan'ny Tompo izay hahalalan'ny mpanompony Azy."*

Raha miaraka amin'Andriamanitra isika, izany hoe manao ny asany mandrakariva isika, raha miaraka aminy sy amin'ny alalany ary ao aminy no entintsika manatanteraka ny asa ataontsika, raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia izy no manao ny asantsika. Izany ilay fanantenana lazain'izaia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany. *"Ohatry ny olona alan'ny reny alahelo..."* izany hoe Andriamanitra no hanatanteraka ny asa fanirahana antsika fa anjarantsika no mamaly. Tsy vitany mamaly fotsiny fa hanana ny fiainana mifanaraka amin'ny vocationtsika vokatry ny fanomezam-pahasoavana. Hahita ny tena fiadanana isika raha miaina izany ka hanome sy hizara fanantenana sy fiadanana amin'ireo mpiara-belona amintsika. Izany no mahatonga antsika ho fanasina sy fahazavana. Io no Vaovao mahafaly ny Paka.

Ambaran'ny Evanjely androany i Jesoa nifidy 72 lahy nirahiny ary nalefany tsiroaroa izy ireo.

Ny antony andefasana azy tsiroaroa tsy hoe hifampitsikilo fa hanambara ny fiombonana ny fitoriana. Izany no kriterana voalohany, izany no masontsivana voalohany amin'ny fitoriana ny Vaovao mahafaly, tsy mikombona rahateo Andriamanitra Trinite Masina. Io indrindra no asongadin'ny sinaody : EGLIZY MIARA-DIA. Anisan'ny "dentite" ny Eglizy io "fiombonana" io. Ny Eglizy dia natao iombonana. Ny ahafantaran'ny olona fa mpianatra ianareo dia ianareo mifankatia izany hoe ianareo miombona. Manarak'izany, aoka hazava fa tsy ny tenanao no torinao fa i Kristy, izany hoe Eglizy ianao no mitory, ao anatin'ny Eglizy ianao no mitory, tsy mihevitra ny teninao fa ny tenin'I Jesoa Vaovao mahafaly no zaraina. Tsy isika no tompon'ny fanirahana fa Andriamanitra. Ny tapany voalohany amin'ny Evanjely dia milaza I Jesoa *"Be ny vokatry, fa ny mpijinja no vitsy; koa mangataha amin'ny tompom-bokatry mba hanirahany mpiasa hijinja ny vokany"*. Izany no mahatonga antsika mivavaka ho an'ny vocation mandrakariva, ambarantsika fa tsy vocation mipoitra fotsiny fa ilàna fahamasinana.

Tsy hoe hitory ny evanjely na hizara sakramenta fotsiny fa ho tena mpitory masina ka ny fiainana no fototry ny fitoriana.

Efa voalaza matetika ary hiangaviana hatrany fa aoka isika fianakaviana tsiraikiraiky handray pretra ho "adoption spirituelle" ka hivavaka ho azy ny fianakaviana manontolo. Sambatra ny Eglizy Iraka manana pretra masina fa handroso ny fiainam-panahin'ny fianakaviana eglizy kely ao aminy.

Sambatra isika raha manana pretra hivelona ny vocation sady masina sy hizara ny sakramenta. Sambatra ny Eglizy manana ny pretra masina. Ny fivavahana ho an'ny vocation dia tsy ho an'ny pretra fotsiny fa ho an'ny voatokana ihany koa izay manambara ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiainany manontolo, an'Andriamanitra ny fiainany, fanompoana tahaka an'I Kristy ka manambara ny famindram-pon'Andriamanitra. Hivavaka isika ho an'ny voatokana rehetra hanana izany toe-panahy izany. Hivavaka koa isika ho an'ny apôstôly lahika hanompo ny namana, hanana ny fiainana Kristianina ao anatin'ny fianakaviana Eglizy kely. Isaky ny asabotsy manao fiarahana mivavaka mba ho masina, mba ho fianakaviana misy an'Andriamanitra no fianakaviansika satria ny atao masina dia izay miombona amin'Andriamanitra. Raha misy vanim-potoana tena ilaina ny manao vavaka totoafy momba ny vokatiana dia izao vanim-potoana iainantsika izao. Maro tokoa ny zavatra mifamahofaho ka mila marin-toeran'ny vokatiana. Izany no tanjon'izao sinaody izao mba ho marin-toerana ny finoana ka ho "olon-dehibe amin'ny finoana" isika.

Zava-dehibe koa ny fananantsika fahatokisana an'Andriamanitra satria asan'Andriamanitra no ataontsika, izay ny dikany hoe "aza mitondra kitapom-bola, aza miarahaba olona" marihina fa lava be ny fomba fiarahabana amin'ny Jody ary isika malagasy koa tahaka izany. Tsy hoe manilika no tiana ambara eto, ilaina ny kitapom-bola sy ny fiarahabana olona fa tsy io no tena zava-dehibe fa ny fiombonana amin'Andriamanitra amin'ny fanaovana izany asa izany. Manambara ihany koa fa maika tsy azo idifiana ny fitoriana (urgent et nécessaire). Manakaraka izany manambara ihany koa fa Andriamanitra no hery ka izy no maha olon'afaka antsika, izy no mahatonga antsika manana kitapom-bola, Andriamanitra dia fifandraisana ka miarahaba olona isika hitondra fiadanana. Mamiratra ao anatintsika ny fiadanan'I Kristy ka izay no entintsika eo amin'ny fiainana andavanandro.

Rehefa niverina ireo 72 lahy dia faly izy nidera an'Andriamanitra ary nanambara fa nanao ny asan'Andriamanitra izy ireo ka nilaza fa na ny demony aza nanaiky anay noho ny anaranao.

Raha manao ny asan'Andriamanitra isika, ny ratsy rehetra manapotika ny fiainantsika dia hiova, izany ny evanjely, ny Vaovao Mahafaly, faly I Jesoa nisaotra an'Andriamanitra "*Tsy noho ny fanahy ratsy manaiky anareo no hifalianareo fa ny anaranareo voasoratra any an-danitra*". Raha manao ny asan'Andriamanitra isika, tsy natokana ho an'ny pretra na ny voatokana fa ho an'ny vita batemy rehetra, izay no manambara fa zava-boahary vaovao isika, Eglizy Olona Velona isika ka irahin'Andriamanitra manorina Eglizy Tranon'Andriamanitra ETA ary hahatonga antsika ho olombaovao ka zary génération mpanorina tokoa isika, mpanorina tontolo iainana, tontolom-piainana, tontolom-pinoana mitondra antsika hanorina Trano Be Lombonana. Masina Maria Renin'ny Eglizy hanampy antsika ary hitari-dalana antsika amin'ny fanatanterahantsika ny sinaody ka hahatonga antsika ho Eglizy velona velomin'ny batemy miombona mandray an-tanana ka zary Tabernakla. I Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy Eran-tany hiaro antsika tsy ho kivy eo-anatrehan'ny adim-piainana. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson